

Heureux ceux qui procurent la paix

Par Gary E. Stevenson
du Collège des douze apôtres

Sambatra ny mpampihavana

Nataon'ny Loholona Gary E. Stevenson
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Conférence générale d'octobre 2025

Pour être un artisan de paix, tout commence à l'essentiel, dans notre cœur. Ensuite, dans notre foyer et notre famille.

Bienvenue à la conférence générale. Combien nous sommes reconnaissants d'être ensemble.

Alors que nous entamons cette conférence, nous gardons à l'esprit les événements douloureux des semaines qui l'ont précédée. Nos cœurs sont lourds à cause du deuil ou, pour certains, de l'incertitude persistante causée par la violence et les tragédies dans le monde. Même des personnes pieuses rassemblées dans des lieux sacrés, y compris notre église consacrée au Michigan, ont perdu la vie ou des êtres chers. Je vous parle avec mon cœur, conscient des fardeaux que votre famille et vous portez et de ce que notre monde a subi depuis la dernière conférence générale.

Capernaüm en Galilée

Imaginez que vous êtes un adolescent à Capernaüm, près de la mer de Galilée, pendant le ministère de Jésus-Christ. Des rumeurs se répandent au sujet d'un rabbi, ou instructeur, dont le message attire les foules. Des voisins prévoient de se rendre sur une colline surplombant la mer pour l'écouter.

Vous parcourez avec eux les routes poussiéreuses de Galilée. En arrivant, vous êtes étonné

Manomboka ao amin'ilay toerana tena fototra ny fampihavanana, dia ao am-pontsika izany. Avy eo ao an-tokantrano sy ao amin'ny fianakaviana.

Tonga soa eto amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany. Mahavelom-pankasitrahana ery fa tafavory isika.

Tao anatin'ny fiandrasantsika ny fanatanterahana izao fihaonambe izao dia tena fantatsika tokoa ireo zava-nitranga nandritra ireo herinandro talohan'izany. Tsapatsika ho mavesatry ny fisaonana ny fontsika ary miahiahy noho ny hetraketraka na zava-doza maneran-tany kosa ny sasany. Na dia ireo mpino niangona tamin'ireo toerana masina aza, anisan'izany ny trano masina fiangonantsika tany Michigan, dia namoy ny ainy na ny an'ireo olona ankamamiany. Miteny avy amin'ny foko aho noho ny fahatsapana fa maro aminareo no vesaran'alahelo noho ny zavatra niainanareo sy niainan'ny fianakavianareo ary niainan'izao tontolontsika izao hatramin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany farany teo.

Kapernaomy any Galilia

Alaovy sary an-tsaina miaraka amiko hoe, ianao dia zatovo iray tany Kapernaomy, tany akaikin'ny Ranomasina Galilia nandritra ny asa fanompoan'i Jesoa Kristy. Miparitaka ny vaovao fa misy raby iray, mpampianatra iray, izay maharika olona maro ny hafany. Manao drafitra ny hanao dia ho eny an-tampona tendrombohitra izay mahatazana ny ranomasina ireo mpiara-monina mba hihaino Azy.

Miara-mandeha amin'ireo olona hafa eo amin'ilay lalana mamovok'i Galilia ianao. Rehefa

par la taille de la foule rassemblée pour écouter ce Jésus. Certains murmurent le mot « Messie ».

Vous écoutez. Ses paroles touchent votre cœur. Sur le long chemin de retour chez vous, vous préférez le silence aux conversations.

Vous méditez sur des choses merveilleuses, qui transcendent la loi de Moïse elle-même. Il a parlé de tendre l'autre joue et d'aimer ses ennemis. Il a promis : « Heureux ceux qui procurent la paix, car ils seront appelés enfants de Dieu. »

Pourtant, sous le poids des jours difficiles, de l'incertitude et de la peur, la paix semble bien loin.

Vous accélérez le pas et arrivez chez vous le souffle court. Votre famille se rassemble et votre père vous demande ce que vous avez entendu et ressenti.

Vous rapportez qu'il vous a invités à laisser votre lumière luire devant autrui, à rester droit malgré les persécutions. Votre émotion est audible quand vous répétez : « Heureux ceux qui procurent la paix, car ils seront appelés enfants de Dieu. »

Vous demandez : « Puis-je réellement devenir un artisan de paix dans un monde en tumulte, alors que la peur habite mon cœur et que la paix semble si lointaine ? »

Votre père regarde votre mère et répond avec douceur : « Oui. Tout commence à l'endroit le plus essentiel : notre cœur. Ensuite, notre foyer et notre famille. Et ce que nous mettons en pratique ici se répand alors dans nos rues et nos villages. »

2 000 ans plus tard

Avançons de 2 000 ans. Il ne s'agit plus d'un exercice d'imagination, mais de notre réalité. Certes, les pressions ressenties par la génération montante (la polarisation, la sécularisation, les représailles, la violence au volant, les scandales, les attaques groupées sur les réseaux sociaux) différent de celles du jeune de Galilée. Néanmoins, les deux générations sont confrontées à des cultures marquées par le conflit et les tensions.

tonga any dia nanaitra anao ny nahita vahoaka maro be izay mivondrona mba hihaino an'io Jesoa io. “Mesia”, hoy ny sasany mibitsibitsika.

Mihaino Azy ianao. Manohina ny fonao ny teny izay lazainy. Mandritra ny dia an-tongotra lavitra miverina mody, dia misafidy ny hangina ianao fa tsy hiresaka.

Misaintsaina ireo zavatra mahatalanjona ianao, zavatra mihoatra ambony dia ambony ny lalàn'i Mosesy mihitsy aza. Niresaka momba ny fanolorana ny takolaka anankiray Izy sy ny fitiavana ny fahavalo. Nampanantena Izy hoe: “Sambatra ny mpampihavana, fa izy no hatao hoe zanak' Andriamanitra”.

Raha eo anatrehan'ny toe-javatra tena iainanao, dia toa lavitra ny filaminana, noho ny fahatsapanao ny havesatr'ireo andro sarotra, ny fiahiahiana sy ny tahotra.

Mihafaingana ny fandehanao ary sempotra ianao vao tonga any an-trano. Mitangorona ny fianakavianao ary manontany ny rainao hoe: “Lazao anay ny zavatra renao sy tsapanao”.

Mizara ianao fa nanasa anao Izy mba hamela ny fahazavanao hazava eo imason'ny hafa, sy mba hikatsaka ny fahamarinana na dia enjehina aza. Mangovingovitra ny feonao rehefa mamerina ianao hoe: “Sambatra ny mpampihavana, fa izy no hatao hoe zanak' Andriamanitra”.

Manontany tena ianao hoe: “Afaka ny ho lasa mpampihavana marina ve aho eo anatrehan'ity izao tontolo izao izay mikorontandrontana ity, sy ity foko feno tahotra ity ary ity filaminana izay toy ny tena lavitra ity?”

Manopy maso any amin-dreninao ny rainao ka mamaly amim-pahatsorana hoe: “Eny. Atom-botsika ao amin'ilay toerana tena fototra izany, dia ao am-pontsika. Avy eo ao an-tokantranontsika sy ao amin'ny fianakaviansika. Rehefa mampihatra izany ao amin'ireo isika dia afaka ny hiely eny amin'ny arabentsika sy ny tanànantsika ny fampihavanana.”

2.000 taona aty aoriana

2.000 taona aty aoriana. Tsy ilaina ny maka sary an-tsaina satria izao no toe-javatra tena iainantsika. Na dia tsy mitovy amin'ny an'ireo tanora tany Galilia aza ireo faneriterena tsapan'ireo tanora vao misondrotra amin'izao fotoana izao, izay ahitana fisaraham-bazana ara-kevitra, ny fampanalavirana ny fivavahana, ny valifaty, ny fifampitezeran'ny samy mpamily fiara ao anatin'ny fifamoivoizana, ny fanalam-baraka, ny fitsikerana

Heureusement, nos jeunes gens et jeunes filles sont aussi attirés par des sermons sur la montagne modernes : le séminaire, les conférences Jeunes, Soyez forts et Viens et suis-moi. Ils reçoivent les mêmes invitations du Seigneur : laisser leur lumière luire devant autrui, rester droits malgré les persécution et aimer leurs ennemis.

Les prophètes actuels du Rétablissement les ont encouragés à être des artisans de paix, à exprimer leur désaccord sans être désagréables, à remplacer les querelles et l'orgueil par le pardon et l'amour et à construire des ponts de compréhension et de coopération plutôt que des murs de préjugés et de ségrégation. Et ils ont la même promesse : « Heureux ceux qui procurent la paix, car ils seront appelés enfants de Dieu. »

Le cœur de la génération montante actuelle est rempli du témoignage de Jésus-Christ et d'espérance pour l'avenir. Toutefois, ils demandent aussi : « Puis-je réellement devenir un artisan de paix dans un monde en tumulte, alors que la peur habite mon cœur et que la paix semble si lointaine ? »

La réponse est encore un oui retentissant ! Nous nous saisissons des paroles du Sauveur : « Je vous laisse la paix, je vous donne ma paix. [...] Que votre cœur ne se trouble point, et ne s'alarme point. »

Pour être un artisan de paix, tout commence à l'essentiel, dans notre cœur. Ensuite, dans notre foyer et notre famille. Ce que nous mettons en pratique là se répand ensuite dans le voisinage et les collectivités.

Voyons ces trois endroits où un saint des derniers jours de notre époque peut apporter la paix.

Être un artisan de paix dans son cœur

Le premier est notre cœur. Il est clair que

mahery vaika ataon'olona maro amin'olom-bitsy ao anatin'ny tambajotran-tserasera, dia samy matrika kolontsaina feno fifandirana sy fifanolanana ireo taranaka roa ireo.

Soa ihany fa ny zatolahintsika sy ny zatovovaintsika dia voatarika torak'izany koa mba hanatrika ireo fotoanan'ny Toriteny eo An-tendrombohitra ho azy ireo: seminera, ireo fihaonambe Ho Zatovo Mahery ary nyAvia, hanaraka Ahy. Eto izy ireo dia mandray ireto fanasana maharitra avy amin'ny Tompo ireto ihany: dia ny hamela ny fahazavan'izy ireo hazava eo imason'ny hafa, hikatsaka fahamarinana na dia enjehina aza, ary hitia ny fahavalon'izy ireo.

Mandray teny feno famporisihana avy amin'ireo mpaminanin'ny Famerenana amin'ny laoniny ihany koa izy ireo manao hoe: "Ilaina ny mpampihavana". Manehoa tsy fiombonan-kevitra saingy aza manao zavatra mahasosotra. Soloy famelana sy fitiavana ny fifandirana sy ny avonavona. Manorena tetezan'ny fiaraha-miasa sy fanehoana fahatakarana an-tsaina fa tsy rindrin'ny fitsarana an-tendrony sy fanavakavahana. Ary ity fampanantenana ity ihany: "Sambatra ny mpampihavana, fa izy no hatao hoe zanak'Andriamanitra".

Ny fon'ny tanora vao misondrotra ankehitriny dia feno fijoroana ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy sy ny fanantenana ho an'ny hoavy. Saingy manontany tena koa izy ireo hoe: "Afaka ny ho lasa mpampihavana marina ve aho eo anatrehan'ity izao tontolo izao izay mikorontandrontana ity, sy ity foko feno tahotra ity ary ity filaminana izay toy ny tena lavitra ity"?

Ny valiny mazava ho an'izany dia mbola eny ihany! Raisintsika tsara ny tenin'ny Mpamonjy manao hoe: "Fiadanana no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo. ... Aza malahelo na matahotra ny fonareo."

Manomboka ao amin'ilay toerana tena fototra ny fampihavanana ankehitriny, dia ao am-pontsika izany. Avy eo ao an-tokantrano sy ao amin'ny fianakaviana. Rehefa mampihatra izany ao amin'ireo toerana ireo isika dia hiely eo amin'ny manodidina antsika sy eo amin'ny fiarahamonina misy antsika ny fampihavanana.

Andeha hodinihintsika kokoa ireo toerana telo izay anaovan'ny Olomasin'ny Andro Farany ankehitriny fampihavanana.

Fampihavanana ao am-pontsika

Ny voalohany dia ao am-pontsika. Ny singa

les enfants étaient attirés par le Christ pendant son ministère. Il y a là un indice. Le cœur pur et innocent d'un enfant qui procure la paix est une source d'inspiration pour notre cœur. Voici la réponse de plusieurs enfants en âge d'aller à la Primaire à la question : « Comment être un artisan de paix ? »

Leurs réponses venaient du cœur. Luke a dit : « Il faut toujours aider les gens. » Grace a expliqué qu'il est important de pardonner, même lorsque cela ne semble pas juste. Anna a raconté : « J'ai vu une fille qui jouait toute seule, alors je suis allée jouer avec elle. » Lindy pense qu'être un artisan de paix signifie aider quelqu'un. « Et la personne aide à son tour. Et ça continue à l'infini. » Liam a dit : « Il ne faut pas être méchant avec quelqu'un qui est méchant avec nous. » London s'est exclamée : « Si quelqu'un se moque de toi ou est méchant, dis-lui : 'Arrête, s'il te plaît.' » Trevor a expliqué : « S'il ne reste qu'un beignet et que tout le monde le veut, on le partage. »

Les réponses de ces enfants me prouvent que nous naissons tous avec un attrait divin pour la gentillesse et la compassion. L'Évangile de Jésus-Christ nourrit ces caractéristiques divines, notamment celle d'être un artisan de paix, et les ancre dans notre cœur, pour notre profit dans cette vie et dans la suivante.

Être un artisan de paix chez soi

Deuxièmement, nous sommes des artisans de paix chez nous lorsque nous nous conformons au modèle du Seigneur dans nos relations : la persuasion, la longanimité, la gentillesse, la douceur et l'amour sincère.

Voici l'histoire inspirante d'une famille dont les membres se sont efforcés d'être des artisans de paix et de mettre ces principes en action.

Les enfants de cette famille avaient du mal à tisser des liens avec un adulte souvent grincheux, condescendant et brusque. Les enfants, blessés et

iray hita maso tao anatin'ny asa fanompoana nataon'i Kristy dia maneho fa voasarika hanatona Azy ny ankizy. Misy tari-dalana iray fonosin'izany. Afaka ny hanentana ny fontsika ny fijerena ilay fo mpampihavana an'ny ankizy iray izay madio sy tsy manan-tsiny. Toy izao no namalian'ny ankizy maromaro izay ao amin'ny sokajin-tanonan'ny Kilonga ny hoe “Manao ahoana izany mpampihavana izany”?

Hozaraiko araka izay filazan'izy ireo azy ny valintenin'izy ireo! Hoy i Luke hoe: “Manampy ny hafa foana”. I Grace dia nizara ny maha-zava-dehibe ny fifamelana na dia toy ny tsy rariny aza izany. Hoy i Anna hoe: “Nahita ankizivavy iray izay tsy nanana namana hilalaovana aho ka nandeha nilalao niaraka taminy”. Nilaza i Lindy fa ny atao hoe mpampihavana dia manampy ny hafa. “Avy eo dia ampitainao amin'ny hafa izany. Hitohy hatrany hatrany izany”. Hoy i Liam hoe: “Aza manao ratsy fanahy amin'ny olona na dia ratsy fanahy aminao aza izy ireo”. Nihiaika i London hoe: “Raha misy olona mananilahany anao na manao ratsy fanahy aminao, dia teneno hoe: –Mba aza manao an'izany–”. I Trevor dia nilaza hoe: “Raha mofomamy iray sisa no tavela ka tianao ho anao irery izany, dia zarao amin'ny hafa.”

Ny valinten'ireo ankizy ireo dia porofo ho ahy fa isika rehetra dia nateraka niaraka tamin'ny fananana fironana haneho hatsaram-panahy sy fangorahana. Ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia mikolokolo sy manambatra ireo toetra masina ireo, tafiditra ao anatin'izany ny fampihavanana, ho ao anatin'ny fontsika, izay hitahy antsika mandritra ity fiainana ity sy any amin'ilay fiainana ho avy.

Fampihavanana ao an-tokantrano

Ny faharoa dia ny fanorenana fampihavanana any an-tokantranontsika amin'ny alalan'ny fampiasana ny lamin'ny Tompo mba hitarihana ny fifandraisantsika samy isika: ny fandresen-dahatra, ny fahari-po, ny hatsaram-panahy, ny hamoram-po, ary ny fitiavana tsy mihatsaravelsihy.

Ity misy tantara iray manentana ny fanahy izay mampiseho ny fomba nanaovan'ny fianakaviana iray ny fampihavanana ho zavatra imasoan'ny fianakaviana tamin'ny alalan'ny fampiharana ireo fitsipika ireo.

Sarotra ho an'ny ankizy tao amin'io fianakaviana io ny nifandray tamin'ny olon-dehibe iray kizitimbelona, manambony tena ary mitratreva-

frustrés, se sont demandé si la seule solution était d'imiter cette attitude mesquine.

Un soir, la famille a discuté ouvertement de ces tensions et des dégâts qu'elles causaient. Une idée s'est présentée : pas une simple solution, mais une expérience à faire.

Au lieu de s'abstenir de répondre ou de contre-attaquer, les enfants feraient quelque chose d'inattendu : ils répondraient avec gentillesse. Pas seulement une retenue polie, mais un déversement délibéré de mots doux et d'attentions, peu importe la réaction. Ils ont tous accepté d'essayer pendant un moment, puis de se réunir à nouveau pour en reparler.

Malgré une légère hésitation au départ, ils se sont attachés à ce plan de bon cœur.

Le résultat a été tout simplement remarquable.

La froideur a commencé à fondre. Les sourires ont remplacé les airs renfrognés. L'adulte, autrefois distant et sévère, a commencé à changer. Les enfants, encouragés par leur choix de montrer l'exemple avec amour, se sont réjouis de la transformation. Le changement a été si profond que le moment de se réunir pour en reparler n'est jamais venu. La gentillesse avait fait son œuvre en douceur.

Des liens d'amitié sincère se sont formés et tout le monde a été édifié. En tant qu'artisans de paix, nous pardonnons et nous cherchons à édifier les gens plutôt qu'à les rabaisser.

Être un artisan de paix dans sa collectivité

Troisièmement, soyons des artisans de paix dans notre collectivité. Pendant les années difficiles de la Seconde Guerre mondiale, John A. Widtsoe a dit : « La seule manière de créer une communauté paisible, c'est de former des hommes et des femmes qui aiment et font régner la paix. Chaque personne, par cette doctrine du Christ, [...] a entre ses mains la paix du monde. »

treva matetika. Nanomboka nanontany tena ireto ankizy naratra am-po sy sorena raha toa ka ny fanehoana toetra feno haratsiam-panahy mitovy amin'izany no hany vahaolana.

Indray hariva ilay fianakaviana dia niara-niresaka malalaka momba ilay tsy fifankahazoana sy ny fiantraikany ratsy naterak'izany. Koa dia nisy hevitra nipoitra avy eo; izay tsy vahaolana fotsiny fa zavatra hatao fanandramana.

Ho solon'ny famaliana amin'ny fahanginana na valifaty, dia hanao zavatra izay tsy am-poizina ireo ankizy: hamaly amin'ny fomba feno hatsaram-panahy izy ireo. Tsy ho fifehezan-teny amim-pahalalam-pomba fotsiny fa famborahana teny feno hatsaram-panahy vokatry ny fo sy fanehoana fihetsika voahevitra, na inona na inona ho valin'izany eo amin'izy ireo. Nanaiky ny rehetra fa hanandrana izany mandritra ny fe-potoana iray ary hiverina hivondrona sy hifandinika aorian'izany.

Na dia niasalasa aza ny sasany tamin'ny voalohany dia nanolo-tena ny hanatanteraka ilay drafitra amin'ny fo madio izy ireo.

Tena niavaka tsotra izao ny zava-nitranga taorian'izay.

Nihanafana ilay fifandraisana nangatsiatsiaka. Nosoloin'ny tsikitsiky ny fimonjomonjoana. Nanomboka niova ilay olon-dehibe izay nangatsiatsiaka sy nasiaka teo aloha. Ireo zanaka izay nahazo hery tamin'ny alalan'ny safidin'izy ireo mba hitarika am-pitiavana dia nahita fifaliana tao anatin'ilay fiovana. Tena lalina ilay fiovana ka tsy nilaina intsony ilay fivoriana narafitra mba handiniana ny fivoarana. Nanao ilay asany mangingina ny hatsaram-panahy.

Rehefa nandefa ny fotoana dia nisy fehim-pihavanana marina niforona izay nampahery ny rehetra. Mba hahatongavana ho mpampihavana dia mamela ny hafa isika sy nampahery amim-piniavana ny hafa fa tsy manambany azy ireo.

Fampihavanana eo amin'ny fiarahamonintsika

Ny fahatelo dia ny fampihavanana eo amin'ny fiarahamonintsika. Nandritra ireo taona feno korontana tao anatin'ny Ady Lehibe Faharoa, dia nampianatra ny Loholona John A. Widtsoe hoe: "Ny hany fomba ahafahana manorina fiarahamonina milamina dia ny famolavolana lehilahy sy vehivavy tia fihavanana sy mampanjaka fihavanana. Amin'ny alalan'izany fotopam-

La belle histoire suivante illustre ce précepte.

Il y a quelques années, un imam et un pasteur du Nigeria se trouvaient de part et d'autre d'un fossé religieux. Chaque partie avait grandement souffert. Pourtant, par le pouvoir guérisseur du pardon, ils ont choisi d'avancer ensemble.

L'imam Muhammad Ashafa et le pasteur James Wuye sont devenus des amis et des partenaires de la paix. Ils ont fondé un centre pour la médiation entre les religions. Ils incitent maintenant d'autres personnes à remplacer la haine par l'espérance. Deux fois nominés pour le prix Nobel de la paix, ils ont récemment reçu le premier prix de la paix du Commonwealth.

Ces anciens ennemis voyagent maintenant côte à côte, rebâtissant ce qui a été détruit. Ils sont des témoins vivants que l'invitation du Sauveur à être des artisans de paix est non seulement possible, mais aussi puissante.

Quand nous découvrons la gloire de Dieu, nous ne sommes « pas enclins à [nous] nuire les uns aux autres, mais à vivre en paix ». Dans nos assemblées et nos collectivités, choisissons de nous voir les uns les autres comme des enfants de Dieu.

Programme d'une semaine pour procurer la paix

Pour résumer, je vous lance une invitation. Pour être un artisan de paix, il faut agir. Qu'allons-nous faire, individuellement, dès demain ? Je vous propose un programme d'une semaine, en trois étapes, pour être des artisans de paix.

Un foyer sans querelles : Quand une dispute commence, arrêtez-vous et reprenez du début avec des mots doux et des attentions aimantes.

pianaran'i Kristy izany, ny olona tsirairay, ... dia mihazona eo am-pelatanany ny filaminan'izao tontolo izao”.

Maneho amin'ny fomba tena tsara izany fitsipika izany ity tantara manaraka ity.

Taona maro lasa izay dia nisy lehilahy anankiroa, ny iray mpitondra fivavahana Silamo ary ny iray pasitera Kristianina samy avy any Nigéria, izay nifanohitra noho ny fisaraham-bazana ara-pivavahana tena mafy. Samy nahatsapa fijaliana lalina izy ireo. Saingy tamin'ny alalan'ny hery manasitran'ny famelana dia nisafidy ny hiara-dalana izy ireo.

Lasa mpinamana sy mpiara-miasa tsy nam-poizina teo amin'ny fampanjakana ny filaminana ny Imam Muhammad Ashafa sy ny Pasitera James Wuye. Niaraka nanorina ivon-toerana misahana ny fanelanelanana disadisa ara-pivavahana izy ireo. Mampianatra ny hafa mba hanolo ny fankahalana amin'ny fanantenana izy ireo. Indroa natolotra hofidina ho anisan'ireo hahazo ny loka Prix Nobel de la Paix izy ireo ary vao haingana no lasa nahazo ny loka voalohan'ny Prix du Commonwealth pour la Paix.

Ireto mpifahavalo teo aloha ireto dia miara-dia amin'izao fotoana izao mba hanarina indray ny simba, ary vavolombelona velona fa ny fanasan'ny Mpamonjy mba ho mpampihavana dia tsy hoe azo tanterahina fotsiny fa mahery vaika koa.

Rehefa lasa mahafantatra ny voninahitr' Andriamanitra isika dia “tsy ho ao an-tsain[tsika] ny hifandratra fa hiaina kosa amim-pilaminana”. Enga anie isika any amin'ny fiangonantsika sy any amin'ny fiarahamonina misy antsika hisafidy ny hijery ny tsirairay ho toy ny zanak' Andriamanitra.

Drafitra atao mandritra ny herinandro mba ho mpampihavana

Ho famintinana dia hanolotra fanasana iray aho. Mitaky fandraisana andraikitra ny fampihavanana. Mety ho inona izany, ho antsika tsirairay, manomboka rahampitso? Afaka ny hieritreritra hanaraka drafitra misy dingana telo ho an'ny mpampihavana ve ianao mandritry ny herinandro iray?

Toeram-ponenana tsy ahitana fifandirana: Raha vao manomboka ny fifandirana dia miatoa ary avereno atrehina miaraka amin'ny teny sy fihetsika maneho hatsaram-panahy ilay toe-javatra.

Construisez des ponts numériques : Avant une publication en ligne, une réponse ou un commentaire, posez-vous la question : « Vais-je construire un pont ? » Sinon, arrêtez-vous. Ne l'envoyez pas. Répandez plutôt la bonté. Publiez la paix au lieu de la haine.

Réparez et réunissez : Chaque membre de la famille tend la main à une personne avec qui la relation s'est détériorée pour s'excuser, servir, réparer et réunir.

Conclusion

Cela fait plusieurs mois que je me sens indéniablement poussé à transmettre ce message : « Heureux ceux qui procurent la paix. » Pour finir, je voudrais faire part de quelques impressions qui me sont venues pendant cette période.

Être un artisan de paix est une vertu chrétienne. Les artisans de paix sont parfois qualifiés de naïfs ou de faibles par diverses personnes. Pourtant, être un artisan de paix n'est pas une faiblesse, mais une force que le monde ne comprend pas toujours. Être un artisan de paix demande du courage et nécessite des compromis, pas le sacrifice des principes. Un artisan de paix dirige avec le cœur ouvert et non l'esprit fermé. Il approche autrui avec les mains tendues, pas les poings serrés. Être un artisan de paix n'est pas une nouvelle mode. Ce principe a été enseigné par Jésus-Christ lui-même, dans la Bible et dans le Livre de Mormon. Il a depuis été enseigné par les prophètes modernes, depuis les premiers jours du Rétablissement jusqu'à aujourd'hui.

Nous remplissons notre rôle divin d'enfant d'un Père céleste aimant en nous efforçant d'être des artisans de paix. Je témoigne de Jésus-Christ, le Prince de la Paix, le Fils du Dieu vivant, au nom de Jésus-Christ. Amen.

Fanorenana fifandraisana tsara eo amin'ny sehatry ny tambajotran-tserasera: Alohan'ny hametahana zavatra na hamaliana na hanaovana fanamarihana an-jotra dia mametraha fanontaniana hoe: Moa ve hanatsara fihavanana ity? Raha tsia, dia ajanony izany. Aza alefa izany. Mizarà kosa hatsaram-panahy. Mitoria fiadanana eo amin'ny toeran'ny fankahalana.

Areno ny tsy mety ary miverena miray hina: Ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana dia afaka mikatsaka ny hivoaka ao anatin'ny tsy fifankahazoana mba hahafahana maneho fialan-tsiny, manompo, manarina ny tsy mety ary miverina miray hina.

Teny famaranana

Efa tao anatin'ny volana vitsivitsy izay no nananako fahatsapana tsy azo nihodivirana izay nitondra tany amin'ity hafatra ity: "Sambatra ny mpampihavana." Ho famaranana dia mamela ahy hizara fahatsapana izay nameno ny foko nandritra izany fotoana izany.

Ny fampihavanana dia toetra iray tahaka ny an'i Kristy. Matetika ny mpampihavana dia lazaina ho olona tsotra loatra na malemy, eo amin'ny lafiny rehetra. Kanefa ny mpampihavana dia tsy midika hoe malemy fa matanjaka amin'ny fomba iray izay mety tsy ho takatr'izao tontolo izao. Ny fampihavanana dia mitaky herim-po sy fandeferana saingy tsy mitaky ny fanaovana sorona ny fitsipika izany. Ny fampihavanana dia midika hoe mitarika ao anatin'ny fo misokatra fa tsy saina tery. Izany dia midika hoe mifanatonana ao anatin'ny fifanoloran-tanana fa tsy totohondry. Ny fampihavanana dia tsy zavatra vaovao, na vaovao vao mafana. I Jesoa Kristy mihitsy no nampianatra izany tamin'ireo olona tao amin'ny Baiboly sy ny Bokin'i Môrmôna. Ny fampihavanana hatramin'izay dia efa nampianarin'ireo mpaminanin'ny andro maoderina nanomboka tany amin'ireo andro voalohany indrindra niandohan'ny Famerenana amin'ny laoniny ka hatramin'izao fotoana izao aza.

Manatanteraka ilay anjara asa masina nomena antsika amin'ny maha-zanaky ny Ray any An-danitra be fitiavana antsika isika rehefa miezaka ny ho lasa mpampihavana. Mijoro ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy aho, izay Andrian'ny Fiadanana, ilay Zanakalahin'ilay Andriamanitra velona, amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.